# Torohay famolavolana ny Drafitra Kaominaly Fampandrosoana ny fisitrahana rano, fanadiovana ary fidiovana



Crédits photos : RANO WASH

BOKY MPAMPIOFANA

# LASI-PIOFANANA

## Torohay famolavolana ny Drafitra Kaominaly Fampandrosoana ny fisitrahana rano, fanadiovana ary fidiovana



# TENY FANOLORANA



*Ny famolavolana ity lasi-piofanana ity dia miainga amin'ny finiavan'ny Tetikasa Rural Access to New Opportunites of Water, Sanitation and Hygiene (RANOWASH) hampahalala, hanatsara sy hampaharitra ny asa fitandroana ny zo fototra sy fisitrahana feno ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana. Io tetikasa io dia tanterahin'ny CARE, CRS, WATERAID, BUSHPROOF ary SANDANDRANO. Ny Governemanta amerikana no mamatsy vola azy amin'ny alalan'ny USAID-Madagascar.*

*Misehatra amin'ny kaominina miisa 250 manerana ny faritra 7 eto Madagasikara (Vatovavy, Fitovinany, Alaotra Mangoro, Atsinanana, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony) ny Tetikasa ary maharitra enina taona (2017 - 2023). Mikendry ny hisitrahan'ny olona rehetra ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana lovainjafy mba hanatsarana ny fahasalamana, ny fiahiana ara-tsakafo ary ny fitandroana ny tontolo iainana ny tetikasa RANOWASH.*

*Ity lasi-piofanana ity dia anisan'ireo fiofanana miisa 11 notanterahin'ny tetikasa ary nohavaozina nandritra ny volana Aogositra ka hatramin'ny Oktobra 2021. Ahitana lohahevitra isan-karazany mifamatotra amin'ireo tanjona stratejika telo : (i) fanamafisana ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny rano, fanadiovana sy fidiovana; (ii) fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ireo sehatra tsy miankina amin'ny fanomezana ireo tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana; (iii) fanafainganana ny fanatanterahana fitondran-tena ara-pahasalamana sy ny fampiasana io tolotra io. Omena lanja manokana koa ny miralenta ahafahan'ny rehetra misitraka sy mandray andraikitra amin'ny fahazoana ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana.*

*Ity lasi-piofanana ity dia fitaovana enti-mampiofana ahitana ny boky ho an'ny mpampiofana ary boky ho an'ny mpiofana ary tahirin-kevitra samihafa azo ampiasain'ireo mpampiofana sy mpanatanteraka tetikasa ampiasaina. Novolavolaina izao lasi-piofanana izao hahafahana manaparitaka ireo fomba fiasa sy dingana ara-teknika mahomby, mitsinjo ny faharetan'ny zava-bita.*

*Tolorana fisaorana sy fankasitrahana feno ireo mpiara-miasa, mpiantsehatra sy mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola nanolotanana tamin'ny fahavitan'izao famolavolana ny lasim-piofanana izao.*

## FIRAFITRY NY BOKY FAMPIOFANANA

Ity lasim-piofanana ity dia ahafahana manjohy sy manombana ireo voaray rehetra eo am-pidirana, mandritra sy amin'ny fiafaran'ny fiofanana, ahitana ny Boky ho an'ny Mpampiofana sy Boky ho an'ny Mpiofana.

Votoatin'ny lasim-piofanana dia ahitana ny :

### Ho an'ny Bokin'ny Mpampiofana :

- Fintina isaky ny fotokevitra (module) : maneho ny tanjona, ny votoatiny, ny faharetany.
- Famelabelarana ny fandaharam-piofanana : ahitana ny fivoaran'ny fampiofanana, fomba fampiofanana, ny lesona, ny fampiharana isaky ny lohahevitra.
- Fomba fampitàna ny fiofanana : maneho ireo fomba, teknika sy hetsika isan-karazany, hampitàna ny fiofanana.
- Pejy fitaratra : raha mampiasa "videoprojecteur" dia misy ireo pejy fitaratra entina maneho sy mamintina ny votoatin'ny fiofanana ho an'ny mpiofana.

### Ho an'ny Bokin'ny Mpiofana :

- Fintina isaky ny fotokevitra (module)  : maneho ny tanjona, ny votoatiny, ny faharetany.
- Famelabelarana ny votoatin'ny fiofanana : ahitana ireo fomba enti-mampita ny fiofanana, ireo pejy fitaratra entina maneho sy mamintina ny votoatin'ny fiofanana ho an'ny mpiofana, ireo voambolana tsara ho tadidy, ireo fampiharana isan-karazany izay manaraka ny fizotry ny fiofanana.

# FINTINA MOMBA NY FOTOKEVITRY NY FIOFANANA

## Fampidirana

Anisan'ny anjara asan'ny Kaominina ny fiantohana ny fahazoana rano, fanadiovana ary fidiovana maharitra ho an'ny rehetra ao amin'ny fari-piadidiany. Ho famaliana izany, ilaina ny famolavolana ny drafitra kaomininaly mamaritra ny hetsika horaisina amin'ny toe-javatra misy eo amin'ny filàna sy ny loharanon-karena azo trandrahana ary, antsoina koa hoe "plan communal de développement de l'eau, l'assainissement et l'hygiène (PCDEAH)". Ny PCDEAH dia fitaovana hitantanana ny fampandrosoana amin'io sehatra io, ka mamaritra ny tanjona napetraka, ny paikady, ny fandaharan'asa, ny tetikasa sy fomba hanatanterahana izany. Ny Kaominina no tompon-draharaha feno ary manetsika ny fanampiana sy ny fanohanan'ny mpiara-miombon'antoka anatiny sy ivelany, toy ny sampan-draharaha ara-teknika hitsinjaram-pahefana, ny manam-pahaizana eto an-toerana, ny fikambanana ary ny mpiara-miombon'antoka amin'io sehatra io.

## Tanjona ankapobeny

Ny tanjon'ny fiofanana dia manome fahafahana ny kaominina ho tompon-draharaha feno amin'ny fananana drafitra fampandrosoana momba ny fisitrahana ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana, tsara kalitao sy maharitra.

## Mpiofana

Ireo mpiofana dia ahitana ireo mpiantsehatra sy mpiara-miombon'antoka amin'ny zotra famolavolana ny PCDEAH.

- Mpanamora : izy no mitarika ny fampandehanana ny zotry ny famolavolana ankapobeny. Mety ho mpiasa tena mpaka-hevitra, teknisiana ao amin'ny fitaleavam-paritra na tompon'andraikitra manokana notendren'ny kaominina.
- Mpanadihady : ireo olona omena andraikitra hanangona ny antontan-kevitra sy antontan'isa ilaina amin'ny famolavolana. Tsara raha olona avy eny amin'ny kaominina.
- Mpanoratra ny drafitra : ireo dia olona manara-maso ny fanangonana ny antontan'isa sy antontan-kevitra ary miandraikitra ny fanoratana ny drafitrasa. Mety ho olona mpiasa ivelan'ny kaominina fa manana ny traikefa manokana.

- Mpankato : ahitana ireo tompon'andraikitra sy hery velona eny amin'ny kaominina ka voasokajy anatin'ireo manana andraikitra amin'ny famolavolana ny drafitrasa : Ben'ny Tanàna, Teknisianina manokana amin'io sehatra io, Mpanolo-tsaina, Solontenan'ny toeram-pitsaboana ifotony, Solontenan'ny sehatry ny fampianarana sy ireo Solontena avy amin'ny faritra sy fitaleavam-paritra voakasika rehetra.

Tsara raha efa misy manana fahaizana sy traikefa amin'ny fanentanana, fitarihana sy famolavolana drafitrasa amin'ireo mpandray anjara ireo.

## Mpampiofana

Ny mpampiofana dia tokony teknisianina manana traikefa amin'ny :

- Fanentanana
- Fitarihana
- Fanelanelanana
- Fanangonana antontan'isa sy antontan-kevitra
- Famolavolana drafitrasa

## Fomba fampitàna ny fiofanana

Amin'ny ankapobeny, ny fomba fampiofanana dia mampiasa ny :
i) Fomba fampiofanana olon-dehibe, manome lanja ny fandraisan'izy ireo anjara feno amin'ny fanovozana ny fanamafisana ny fahaiza-manao, ny traikefa, ny fanatanterahana ny fiofanana mifanaraka amin'ny zava-misy eny ifotony, indrindra ny fampiharana.
ii) Fanamorana : Ny mampiofana dia mpanamora mahay mampandray anjara ny mpiofana mandritry ny fiofanana ahafahan'izy ireo efa mampihatra ny fahaiza-manao azo.

## Tombana

Ny tomban'ny fiofanana dia atao amin'ny alalan'ny :

1. Fanangonana ireo tiana handrasana eny am-panombohana ny fiofanana sy fanamarinana ny fahatratrarana izany amin'ny fiafarany
2. Fanokanana fotoana fametrahana fanontaniana sy fitondrana valiny arahina fampandraisana anjara mavitrika ny mpiofana
3. Fanombanana arahina fanolorana ny vokatra isan'andro
4. Fanombanana amin'ny fiafaran'ny fiofanana.

## Fitaovana ilaina

Ireo fampitaovana ilaina hanatanterahana ny fiofanana :

- Toerana fiofanana
- Fitaovam-pampitana toy ny videoprojecteur, solosaina
- Boky ho an'ny Mpampiofana sy Mpiofana
- Fisy isankarazany
- Taratasy lehibe fanoratana
- Taratasy fotsy
- Taratasy madinika maroloko na Cartes Visualisation pour Programmes participatifs (VIPP)
- Fitaovana isan-karazany (hety, penina, kahie, sns.)



## FINTIN'NY LOHAHEVITRA

| Taranja | Lohahevitra | Faharetany (minitra) |
|---|---|---|
| Fampidirana ny fiofanana | 1. Fandraisana ny mpiofana<br>2. Fandaminana<br>3. Tiana andrasana amin'ny fiofanana<br>4. Fanehoana ny votoatin'ny fiofanana | 45 min |
| Taranja 1. | Fiofanana ho an'ny mpiantsehatra rehetra | 95 min |
| Taranja 2 | Fiofanana ho an'ny mpitsirika asa | 30 min |
| Taranja 3 | Fiofanana ho an'ny mpanadihady | 60 min |
| Fampiharana | | 120 min |
| Tombana | | 75 min |
| Totaly | | 425 min |

# FIZOTRY NY FAMPIOFANANA

# Fampidirana

## Tanjona

Aorian'ity taranja ity, ireo mpandray anjara dia :

Mahafehy ny zotra famolavolana ny drafitra fampandrosoana ifotony momba ny rano, fanadiovana, fidiovana.

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Fampidirana ny fiofanana** | **1. Fandraisana ny mpiofana**<br>- Manolotra ny teny fandraisana<br>- Mifankafantatra ary mametraka ny fifampitokisana mandritra ny fiofanana sy manala ny elanelana<br>- Fampahafantarana ny votoatiny sy ny fandaminana ny fiofanana<br>Mametraka ny fifandraisana tsy misy elanelana eo amin'ny mpandray anjara.<br>Afaka mampihatra ny traikefany ny mpampiofana na manentana ny mpandray anjara hanao ny fampifandraisana.<br><br>- Fifampizarana ny andraikitra eo amin'ny samy mpiofana ahafahana mametraka fiofanana milamina ; mampihatra ny fomba fiasa « AILE » isam-bondrona.<br>• A : Animation na Fanentanana<br>• I : Information na Fizarana vaovao<br>• L : Logistique na Fanomanana ny toerana fiofanana<br>• E : Evaluation na Tombana ».<br>Ohatra momba ny fizarana vondron'ny mpandray andraikitra : |

| Andraikitra | 18/01/21 | 19/0121 |
|---|---|---|
| Fanentanana | 1 | 2 |
| Fizarana vaovao | 2 | 3 |
| Fanomanana | 3 | 4 |
| Tombana | 4 | 1 |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
| --- | --- | --- | --- |
| 11. Mitarika fomba fanentanana azo arahina ahafahana manala ny elanelana ny mpampiofana.<br><br>Manao boribory, mandroso tsirairay eo ampovoany araka izay fomba fandeha tiany. Manolotra ny tenany, milaza ohatra iray izay tiany sy tsy tiany, ary mamerina indray ilay fomba fandeha ary manantona sy manondro ny mpiofana hafa hanolotra ny tenany.<br><br>12. Fitsinjarana ny vondrona : miova isan'andro ny vondrona sy ny andraikitra. Asaina misafidy ny andraikitra tiany atao ny tsirairay. Arakaraka ny isan'ny mpandray anjara ny isan'ny ao anaty vondrona, fa tokony hisy vondrona 4. | | Taratasy lehibe sy penina hanoratana ny vondrona na tabilao sy tsaoka<br><br>Taratasy lehibe na pejy fitaratra mamintina ny fiofanana. | 15 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Fampidirana ny fiofanana** | **2. Fametrahana ny fitsipika fiarahana mandritra ny fiofanana**<br><br>Soritana ireo fitsipi-pitondran-tena sy fiarahana mandritra ny fiofanana mba hampilamina sy hampirindra ny fiofanana.<br><br>**3. Filazana ny tiana handrasana mandritra ny fiofanana**<br><br>Asaina milaza ny tiana handrasana ny mpandray anjara tsirairay rehefa voalaza ny fampidirana ny lohahevitry ny fiofanana.<br><br>**4. Fanamorana ny fiofanana sy fanarahana ny fahazoana fahalalàna sy fahaiza-manao**<br><br>**i) Fanentanana**<br><br>- Ny fanentanana dia tanterahin'ny vondrona voafidy hiandraikitra izany, ahafahana manetsiketsika mandritra ny fiofanana ary manampy amin'ny fifantohana.<br>- Raha ilaina dia asiana fanentanana isaky ny andiany.<br><br>**ii) Famintinana isaky ny andiany ataon'ny mpampiofanana arahina fanontaniana sy valiny avy amin'ny mpiofana**<br><br>Asaina manome ny voambolana tsara ho tadidy ny mpiofana. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 21. Rehefa hametraka ny fitsipika fifampitondrana ny mpampiofana dia :<br><br>a) Miantso solontena an-tsitrapo mandray an-tsoratra ny voalazan'ny mpandray anjara tsirairay eny amin'ny taratasy lehibe fanoratana.<br><br>b) Lazaina ny mpandray an-tsoratra hanoratra lehibe ho hita tsara, faritana isaky ny karazana fitsipika.<br><br>d) Manentana ny mpandray anjara hanolotra ny fitsipika momba ny :<br>• Ora fanombohana, famaranana, fakan-drivotra, sns.<br>• Fitsipika hifampifehezana mandritra ny fiofanana<br>• Hafa. | | Fitaovana # 1 :<br>Taratasy sy penina lehibe fanoratana<br>na<br>Tabilao sy tsaoka | 5 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Fampidirana ny fiofanana** | **iii) Fanombanana isan'andro**<br>Fanaovana tombana isan'andro rehefa tapitra ny andro iray.<br><br>- Misy fisy ampiasaina amin'ny tombana isan'andro, izay fintinina sy atolotry ny mpiofana ny ampitso (J+1) (Fitaovana n°1)<br>- Hatsaraina ny fiofanana araky ny fanamarihana azo ary valian'ny mpampiofana ireo fanontaniana manjavozavo.<br><br>**iv) Fanaovana tombana farany any amin'ny fiafaran'ny fiofanana**<br><br>Atao rehefa mifarana ny fiofanana.<br>- Misy fisy tombana amin'ny farany izay zaraina (Fitaovana n°2).<br><br>**v) Fanolorana ny votoatin'ny fiofanana**<br>Atolotry ny mpampiofana ny fintina momba ny votoatin'ny fiofanana :<br>- Lohahevitra<br>- Tanjona<br>- Mpiofana<br>- Votoatiny<br>- Faharetany<br>- Fomba fiofanana<br>- Fitaovana hampiasaina<br>- Mpampiofana sy mpandray anjara hafa (fa tsy vahiny). |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 31. Filazàna ny tiana handrasana, toy izao ny fitarihana ataon'ny mpampiofana :<br>a) Asaina milaza na manoratra na maneho an-tsary ny tiany handrasana ny mpiofana tsirairay.<br>b) Apetaka amin'ny rindrina avy eo ireo taratasy na karatra misy ny hevitra ka hampiarahana izay hevitra mitovy.<br>d) Fintinin'ny mpampiofana ireo hevitry ny mpandray anjara.<br><br>41. Manolotra ny votoatin'ny fiofanana ny mpampiofana.<br>Maneho ireo fisy fanaovana tombana.<br><br>42. Manontany ny tanjon'ny kaominina amin'ny rano, fanadiovana sy fidiovana; avy eo mandravona izany miaraka amin'ireo tanjon'ny fiofanana. | | Fitaovana #1 : Fisy tombana isan'andro<br><br>Fitaovana #2 : Fisy tombana amin'ny farany<br><br>Fitaovana #2 : Taratasy lehibe<br><br>Fitaovana #3 : Penina lehibe na "Marker"<br><br>Fitaovana #4 : Solosaina (raha afaka mampiasa izany)<br><br>Fitaovana #5 : "Vidéo-projecteur" (raha afaka mampiasa izany | 20 min |

# Taranja I

## Fiofanana ho an'ny mpiantsehatra rehetra

## Tanjona

Aorian'ity taranja ity, ireo mpandray anjara dia :

Mahafehy ny zotra famolavolana ny drafitra fampandrosoana ifotony momba ny rano, fanadiovana, fidiovana.

# I Fiofanana ho an'ny mpiantsehatra rehetra

## Votoatiny

1. Lalàna fototra mamaritra ny fandrafetana ny drafitra kaominaly ho fampandrosoana maharitra ny fisitrahana rano, fanadiovana ary fidiovana
2. Fitsinjaram-pahefana miantoka ny fampandrosoana ifotony
3. Drafitra fampandrosona ifotony
4. Famaritana ny Drafitra fampandrosoana ifotony momba ny rano, fanadiovana ary fidiovana
5. Dingana fandrafetana ny Drafitra



## 1. Lalàna fototra mamaritra ny fandrafetana ny drafitra kaominaly fampandrosoana maharitra ny fisitrahana rano, fanadiovana, fidiovana

### Fampitana

| | |
|---|---|
| Mitarika tosakevitra ny mpampiofana. Manontany inona avy ireo anjara andraikitry ny kaominina sy ny rafi-pitantanana misy eo aminy amin'ny lafin'ny fampandrosoana. Manontany ihany koa ireo lalàna mifehy ny kaominina sy ny sehatry ny rano, fanadiovana ary fidiovana, izay mety ho fantatry ny mpandray anjara. Manohy ny fanazavana ny mpampiofana mampiditra ireo karazana lalàna. | Faharetany : 20 min |

### Fitaovana

- Fitaovana # 1 : Tahirin-kevitra momba ny lalàna
- Fitaovana #2 : Taratasy lehibe
- Fitaovana #3 : Penina lehibe na "Marker"
- Fitaovana #4 : Solosaina (raha afaka mampiasa izany)
- Fitaovana #5 : "Vidéoprojecteur" (raha afaka mampiasa izany

Misy ireo lalàna fototra tsara ho fantatra mandrisika sy manohana ny kaominina handrafitra ny drafitrasa fampandrosoana maharitra ny rano fisotro madio, fanadiovana sy fidiovana.

| **Lalàna 2014-18** | Ny kaominina no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fampandrosoana ny rano, fanadiovana sy fidiovana, mifehy ny tandrifim-panjakana, ny fomba fiasan'ny vondrom-bahoaka hitsinjaram-pahefana ary ny fitantanana ny raharaha manokana. |
|---|---|

**Eo amin'ny fitantanan-draharaha :**

- Misahana ny fitantanan-draharaha sy ara-bola (Didy hitsivolana; and. 26-1)
- Misahana ny fitantanana ny fananany manokana (and.1)
- Miara-miasa amin'ireo kaominina manodidina sy ny fitsinjaram-pahefana ary ny sehatra tsy miankina manodidina
- Manatanteraka ireo karazan'asa rehetra mifandraika amin'ny fahaiza-manaon'ny kaominina, izay tsy mivaona amin'ny didy aman-dalàna mifehy azy.

**Eo amin'ny lafiny sosialy sy ara-kolontsaina :**

- Ny kaominina no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fampandrosoana ny rano, fanadiovana sy fidiovana
- Manatanteraka ny drafitrasa fampandrosoana mikasika ny fitantanana ny rano, fanadiovana sy fidiovana ary ny fitantanana ny fako.

| Lalàna 2014-20 | Mikasika ny loharanom-bolan'ireo vondrom-bahoaka hitsinjaram-pahefana. |
|---|---|

**Filankevitra kaominaly :**

- Mandamina amin'ny fanapahan-kevitra ataony  amin'ireo raharaha nankinin'ny lalàna mba hiantsorohany araka ny tandrifim-pahefany
- Mandàny ny famindram-pitantanana ny raharaham-panjakana natsangan'ilay vondrom-bahoaka ihany.

**Rafim-panatanteraka :**

- Miantoka ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitra nolanian'ny filankevitry ny vondrom-bahoaka hitsinjaram-pahefana mahakasika ny famindram-pitantanana hitantana ny asa efa vita eo an-toerana
- Manao tatitra ireo raharahany amin'ny vahoaka eo an-toerana amin'ny alalan'ny gazety, kabary na amin'ny fomba hafa mahomby.

| Lalàna 098-29 | Mifehy ny rano. |
|---|---|

**Maha-tompon-draharaha :**

- Ny kaominina ambanivohitra sy ambonivohitra dia tompon'ny taozavatry ny famatsian-drano fisotro sy fanadiovana tambabe (and. 41).

**Fepetra fahaiza-manao miisa 5 :**

1. Manaja ny fepetra ara-pitantanana, mifehy ny kaominina
2. Manana sampan-draharaha ifotony misahana ny rano, fanadiovana, fidiovana
3. Manana drafitrasa fampandrosoana manokana momba ny rano, fanadiovana, fidiovana
4. Nahavita tahirin-kevitra momba ny fanisam-pananana sy ny trosa
5. Manaiky hanefa ny trosa (Didy hitsivolana 2003-193, and.26)

## 2. Fitsinjaram-pahefana miantoka ny fampandrosoana ifotony

### Fampitàna

| | |
|---|---|
| Mitarika tosakevitra ny mpampiofana, manontany inona avy ireo filàna amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana avy amin'ny mponina ka efa nitondran'ny kaominina tetikasa hamaliana izany?<br>Inona avy ireo tombotsoa sy vokatra miainga amin'izany endrika fitantanan-draharaha ifotony izany? | Faharetany : 20 min |

### Fitaovana

- Fitaovana # 1 : Tahirin-kevitra momba ny lalàna
- Fitaovana #2 : Taratasy lehibe
- Fitaovana #3 : Penina lehibe na "Marker"
- Fitaovana #4 : Solosaina (raha afaka mampiasa izany)
- Fitaovana #5 : "Vidéoprojecteur" (raha afaka mampiasa izany)

Ny fampandrosoana ankapobeny dia mifototra amin'ny fampandrosoana ifotony izay miainga amin'ny famaliana ireo filàn'ny kaominina tsirairay. Ilaina araka izany ny fandraisana andraikitra feno isan'ambaratongany.

Ny filàn'ny kaominina dia faritana mifanaraka amin'ny filàn'ny isam-batan'olona.

Ny fampandrosoana ifotony dia : zotra mampiasa ireo tetikasa tarihina eny antoerana entina hanafainganana ny fampandrosoana ara-toekarena, miankina amin'ny fandraisana anjara feno avy amin'ny mponina rehetra amin'ny fintantanan-draharaham-panjakana sy ny hetsika fampandrosoana.

Ny fampandrosoana ifotony dia mamaly ny filàn'ny mponina.

## 3. Drafitra fampandrosoana ifotony

**Fampitàna**

| | |
|---|---|
| Zarain'ny mpampiofana vondrona misy mpikambana enina avy ny mpiofana ka manao jery todika na manombana hoe :<br>• Inona avy ireo drafitra fampandrosoana misy ao amin'ny kaominina.<br>• Inona ireo fototra niaingana ary ahoana no fomba nitrandrahana izany tao anatin'ireo drafitra fampandrosoana ireo. | Faharetany :<br>45 min |

**Fitaovana**

- Fitaovana # 1 : Tahirin-kevitra momba ny lalàna
- Fitaovana #2 : Taratasy lehibe
- Fitaovana #3 : Penina lehibe na "Marker"
- Fitaovana #4 : Solosaina (raha afaka mampiasa izany)
- Fitaovana #5 : "Vidéoprojecteur" (raha afaka mampiasa izany)

Ny asa fampandrosoana eny ifotony dia tsara raha vita rindran-damina anatin'ny fitaovana antsoina hoe "**drafitrasa fampandrosoana ifotony na kaominaly ankapobeny na araka izay sehatra tiana tsindrina manokana ny fampivoarana azy"**.

Ny drafitra fampandrosoana dia hiarahan'ny hery velona rehetra mamolavola sy hankatoavina ary tanterahina, hahatratrarana ny vina, tanjona, vokatra sy ireo hetsika voasoritra anatin'izany.

**Singa hita ao anaty drafitrasa**

1. Mamaly ny fanontaniana "isika miaraka ho aiza?"
2. Fanehoana momba ny kaominina
3. Mamaritra ny nofinofy mivadika vina
4. Mamaritra ny tanjona anatin'ny taona maro
5. Mamaritra ny làlana hizorana hanatanterahana ny nofy
6. Mametraka tanjona amin'ny taona tiana hotratrarina

Ny momba ny kaominina manontolo dia ahitana ny : zavamisy ara-tantara, politika, toe-karena, sosialy, teknolojika, tontolo iainana, soritany miaraka amin'ny zavamisy, harena izay hananany.
Misy ireo lasitra na fototra hiaingana ankapobeny azo handrindràna ny drafitra fampandrosoana ifotony hisian'ny fampandrosoana ankapobeny sy marolafy.




## Drafitra fampandrosoana mifandray sy marolafy kaominaly ifotony

- Hahafantarana ny filàna amin'ny fampandrosoana ilaina
- Hanomezan-danja ny zo fototry ny maha-olona
- Hanamora ny fandrafetana ny tetikasa isan-taona
- Hitadiavana fiaraha-miasa amin'ny mpamatsy vola.

## 4. Famaritana ny Drafitra fampandrosoana ifotony momba ny rano, fanadiovana sy fidiovana

Fidirana lalindalina kokoa amin'ny drafitra fampandrosoan'ny kaominina mikasika ny rano fisotro madio, fanadiovana sy fidiovana

Jerena manokana ireto lafiny ireto :

- Toerana fatsakana rano ankehitriny sy ny rano rehetra misy eo amin'ny kaominina
- Fomba fitantanana ny rano, fanadiovana sy fidiovana
- Filàna momba ny rano, fanadiovana sy fidiovana eo amin'ny mponina
- Zava-misy mikasika ny kabone sy ny fenitra
- Zava-misy mikasika ny fidiovana : fanasana tanana, lavapako, fadimbolana
- Fampaharetana ny fotodrafitrasa sy ny fiovam-pihetsiky ny tsirairay sy ny sehatra rehetra
- Tetikasa miaraka amin'ny tetibidy

## 5. Dingana fandrafetana ny Drafitra

**Fampitàna**

| | |
|---|---|
| Mitarika tosakevitra ny mpampiofana, manontany ahoana no fomba atao rehefa manangana drafitra, inona avy ireo dingana, iza avy ireo mpiantsehatra?<br><br>Mandravona sy mameno ny mpampiofana. | Faharetany :<br>10 min |

**Fitaovana**

- Fitaovana # 1 : Tahirin-kevitra momba ny lalàna
- Fitaovana #2 : Taratasy lehibe
- Fitaovana #3 : Penina lehibe na "Marker"
- Fitaovana #4 : Solosaina (raha afaka mampiasa izany)
- Fitaovana #5 : "Vidéoprojecteur" (raha afaka mampiasa izany)

## Dingana fandrafetana ny Drafitra

**1** **Fanomanana ny zotra famolavolana**

1. Fampihetsehana ny kaominina, ny fitaleavam-paritry ny rano, fanadiovana, fidiovana sy ny distrika
2. Fandraisana fanapahan-kevitry ny mpitantanana ny kaominina
3. Fihaonana miaraka amin'ny tompon'andraikitra eo an-toerana
4. Fivoriana fampahafantarana eo anivon'ny kaominina
5. Fandraisana ireo mpiara-miasa

- Ben'ny tanàna
- Filankevitra kaominaly
- Teknisiana ifotony misahana ny rano, fanadiovana, fidiovana

**2** **Fanadihadiana**

- Mpanadihady ifotony
- Teknisianina ifotony misahana ny rano, fanadiovana, fidiovana
- Sefo fokontany

1. Fanofanana ny mpanao fanadihadiana ifotony
2. Fakàna ny antontan-kevitra sy antontan'isa ary fankatoavana ifotony
3. Fandalinana sy fandravonana ny vokatra

## 3 Fandalinana ny tanjona sy paikady

Fivoriana fanolorana ny vokatra, fandalinana sy famaritana ny vina, ny tanjona sy ny vahaolana

- Tompon'andraikitra kaominaly
- Teknisianina ifotony misahana ny rano, fanadiovana, fidiovana
- Solotenam-pokontany

## 4 Fankatoavana ireo vahaolana

- Filankevitra
- Teknisianina ifotony misahana ny rano, fanadiovana, fidiovana
- Solontenam-pokontany

1. Fijerena sy fandalinana ny vahaolana
2. Famolavolana ny tetibidy
3. Fankatoavana

## 5 Fanoratana ny drafitra

1. Fanoratana ny drafitra
2. Fankatoavana

- Kaominina
- Mpanara-maso
- Mpanoratra

# Taranja 2

## Fiofanana manokana ho an'ny mpitsirika asa

## Tanjona

Aorian'ity taranja ity, ireo mpandray anjara dia :

- Mahalala ny atao hoe mpitsirika asa
- Mahafehy anjara ny asa sy andraikitry ny mpitsirika asa.

# 2 Fiofanana ho an'ny mpitsirika asa

## Votoatiny

1. Famaritana
2. Andraikitra
3. Lalantsaina enti-miasa
4. Anjara asa
5. Dingana arahina raha ho mpitsirika asa
6. Fomba fitsirihana sy fanarahana ny kalitaon'ny asa.



## Fampitàna

| | |
|---|---|
| 1- Manontany ny mpampiofana raha efa misy mpandray anjara nanao mpitsirika asa, ka asaina hizara ny traikefa sy ny lesona azo tsoahina.<br><br>2- Mitarika tosakevitra ny mpampiofana, mametraka ireto fanontaniana ireto :<br>• Inona avy ireo karazan'asa fitsirihana na fanaraha-maso efa nataon'ny mpiofana?<br>• Inona no vokatsoa azo?<br>• Inona no fepetra tsara hapetraka amin'ny maha-mpitsirika asa ?<br><br>Atao ny fintina ary mameno ny fanazavana ny mpampiofana. | Faharetany :<br>30 min |

## Fitaovana

- Fitaovana # 1 : Tahirin-kevitra momba ny lalàna
- Fitaovana #2 : Taratasy lehibe
- Fitaovana #3 : Penina lehibe na "Marker"
- Fitaovana #4 : Solosaina (raha afaka mampiasa izany)
- Fitaovana #5 : "Vidéoprojecteur" (raha afaka mampiasa izany)

## 1. Famaritana

Ireo mpitsirika asa (superviseur) dia olona nosafidian'ny kaominina manokana hiasa hanampy amin'ny fanatanterahana ny famolavolana ny drafitrasa, amin'ny fijerena ny fahatsaran'ny fanangonana sy fandravonana ny antontan-kevitra sy antontan'isa momba ny zavamisy amin'ny rano, fanadiovana, fidiovana eny ifotony ary manampy amin'ny fanoratana ny drafitra.

Ny fandraisana ny mpitsirika asa dia olona iray isaky ny distrika. Tokony hanana ireto toetra manaraka ireto :

- Matihanina amin'ny lafiny fitsirihana ny kalitaon'ny fanadihadiana sy fandalinana
- Mahay mitarika
- Manana fomba fijery tsy mitanila
- Mahafehy ireo dingana sy teknika fanaovana fanadihadiana sy fandalinana ifotony
- Mahafehy ireo dingana famolavolana ny drafitra fampandrosoana, anatin'izany ny drafitra momba ny rano, fanadiovana, fidiovana.

## 2. Andraikitra

Ny anjara andraikitra dia :

- Mitsirika, manara-maso, manamarina ireo hetsika fanangonana ny antontan-kevitra sy antontan'isa ataon'ny mpanadihady ifotony
- Mandalina sy mandravona araka ny tranga sy toejava-misy tiana havoitra
- Mamintina ary manampy amin'ny fanoratana ny drafitrasa kaominaly momba ny rano, fanadiovana, fidiovana, isaky ny kaominina.

## 3. Lalantsaina enti-miasa

Mandalina sy mifototra amin'ireo paikady nasionaly momba ny rano, fanadiovana, fidiovana sy ireo tahirin-kevitra hafa momba ny drafitra fampandrosoana ny kaominina.

Mandrindra sy mitandro ny asa famolavolana ny drafitrasa anatin'ny lojika amin'ny maha-tompon'ny asa ny kaominina ary mamaly ireo fanampiana ilain'ny kaominina.

Mandalina sy mifototra amin'ireo paikady nasionaly momba ny rano, fanadiovana, fidiovana sy ireo tahirin-kevitra hafa momba ny drafitra fampandrosoana ny kaominina.

Miasa ao anatin'ny fanentanana ny fampandraisan'anjara ny daholobe ao anatin'ny tontolon'ny rano, fanadiovana, fidiovana.

Mijery manokana ny fanomezan-danja ny vehivavy, ny fitovian-jo ary ny tsy fanilikiliana, mba tsy hisy zanak'i kala hafa.

Miantoka fa ny zotra famolavolana dia miafara amin'ny atrikasa fandravonana ny vokatra sy fankatoavana ny drafitrasa.

## 4. Anjara asa

- Miara-mamolavola ny fomba fiasa amin'ny fanangonana ny antontan-kevitra sy antontan'isa (dingana, fitaovana, fomba atao)
- Miara-manentana sy mandamina mandritra ny atrikasa fanombohana ny hetsika famolavolana ny drafitrasa miaraka amin'ny distrika
- Manome ireo fitaovana rehetra entina miasa ho an'ny mpanadihady
- Mankato ireo lamina avy amin'ny mpanadihady
- Mitsirika, manara-maso, mandrindra ary manatsara ny asa fanangonana antontan-kevitra sy antontan'isa mba ahazoana vokatra tsara
- Mandray ireo vokatra anaty solosaina atao arakajy mirindra sy mamoaka izany araka ny karazany avy (ohatra, lahy, vavy, fari-piainana)
- Mandalina sy mikirakira ireo vokatra
- Mamintina ny vokatra azo
- Manoratra ny drafitra, manolotra izany hovakiana eo anivon'ny mpampiasa
- Manolotra ny fintina ho hankatoavina
- Mamarana ny famolavolana ny drafitrasa.



## 5. Dingana arahina raha ho mpitsirika asa

1. Tolotr'asa sy fandraisana mpiasa ho mpitsirika asa anivon'ny distrika/ kaominina
2. Fiofanana momba ny drafitrasa momba ny rano, fanadiovana, fidiovana sy andraikitry ny mpitsirika
3. Mametraka lamina fitsirihana sy fanaraha-maso ny zotra famolavolana ny drafitrasa momba ny rano, fanadiovana, fidiovana
4. Midina ifotony manao ny asa
5. Manamarina, mikirakira, mandravona
6. Manoratra, manolotra amin'ny kaominina ny asa vita ary mandray ny fankatoavana

## 6. Fomba fitsirihana sy fanarahana ny kalitaon'ny asa

| Lamina fanadiha-diana | Fanaraha-maso ny lamina | Fanaraha-maso amin'ny alalan'ny fikirakirana |
| --- | --- | --- |
| Mankato ireo lamina avy amin'ny mpanadihady Fivoriana hitambarana sy fandraisana tsirairay | Fidinana ifotony mijery ny asa ataon'ny mpanadihady Fivoriana tsirairay miaraka amin'ny mpanadihady hanamarinana ny fahatsaran'ny asa | Fijerena manokana raha mitombona ny vokatra azo amin'ny alalan'ny fandalinana sy fametrahana fanontaniana amin'ny mpanadihady sy ny vondron'olona nanaovana fanadihadiana raha ilaina |

# Taranja 3

## Fiofanana manokana ho an'ny mpanadihady

## Tanjona

Aorian'ity taranja ity, ireo mpandray anjara dia :

- Mahalala ny atao hoe mpanadihady
- Mahafehy ny anjara asa sy andraikitry ny mpanadihady.

# 3 Fiofanana ho an'ny mpanadihady

## Votoatiny

1. Famaritana
2. Andraikitra
3. Anjara asa
4. Fitaovana ilaina
5. Dingana arahina raha ho mpanadihady
6. Fomba fitsirihana sy fanarahana ny kalitaon'ny asa
7. Fifehezana ireo singa fanadihadiana
8. Fampiharana
9. Modely fisy fanaovana fanadihadiana.



**Fampitàna**

Mitarika tosakevitra ny mpampiofana, mametraka ireto fanontaniana ireto :

- Iza ireo efa nanao fanadihadiana?
- Inona ireo traikefa sy lesona azo zaraina?
- Inona avy ireo lalantsaina sy fomba fiasa tokony hananan'ny mpanadihady?
- Inona avy ireo asa fanadihadiana efa natao, iza no efa nanao fanadihadiana ilaina amin'ny drafitrasa, zarao ny traikefa sy lesona azo tsohaina?
- Atao ny fintina ary mameno ny fanazavana ny mpampiofana.

Faharetany :
60 min



## 1. Famaritana

Ireo mpanadihady (enquêteur) dia olona nosafidian'ny kaominina manokana hiasa hanampy amin'ny fanatanterahana ny fanadihadiana na fangalàna antontan'isa sy antontan-kevitra eny amin'ny fokonolona na tokantrano sy tompon'andraikitra isan'ambaratongany, ilaina amin'ny famolavolana ny drafitrasa ho an'ny rano, fanadiovana sy fidiovana. Homena fiofanana momba ny zotra, dingana, fomba fiasa sy teknika samihafa handrafetana izany. Ny fandraisana ny mpanadihady dia ekipa roa ahitana mpandihady roa avy, ka ny iray manana fahalalana na traikefa momba io sehatra io, fa miankina indrindra amin'ny hoenti-manana eny anivon'ny kaominina.

Tokony hanana ireo toetra manaraka ireto :

- Mahay mitari-dresaka aman'olona
- Manana lalantsaina amin'ny fanatanterahana ara-kalitaon'ny fanadihadiana
- Mahalala ny kaominina
- Manana fomba fijery tsy mitanila
- Mahafehy ireo dingana sy teknika fanaovana fanadihadiana sy fandalinana ifotony.

## 2. Andraikitry ny mpanadihady

Ny anjara andraikitra dia mikaroka, manontany sy mandravona ireo antontan'isa sy antontan-kevitra mikasika ny rano, fanadiovana, fidiovana, eny ifotony, isaky ny tanàna, ary mampiditra izany ao anatin'ireo fisy isan-karazany ilaina amin'ny fanoratana ny drafitrasa isaky ny kaominina.

## 3. Anjara asa

Ny famolavolana ny drafitrasa ho an'ny rano, fanadiovana, fidiovana, dia mitaky ny dingana fijerena amin'ny antsipiriany ireo lafiny maro mahakasika io sehatra io, ahafahana mamantatra toe-java-misy sy mitrandraka ny harena eo amin'ny kaominina.

Ny fanadihadiana dia ahafahana mamantatra ny filàna isam-pokontany sy ireo loharanon-karena azo trandrahina hamaliana izany.

Ny anjara asan'ny mpanadihady :

- Miara-mamolavola ny fomba fiasa amin'ny fanangonana ny antontan-kevitra sy antontan'isa miaraka amin'ny kaominina, ny mpitsirika asa sy ny mpiara-miombon'antoka
- Miara-manentana sy mandamina mandritra ny atrikasa fanombohana ny hetsika miaraka amin'ny distrika
- Mamolavola ireo lamina avy amin'ny mpanadihady
- Manantanteraka amin'ny antsipiriany ny asa fanangonana antontan-kevitra sy antontan'isa
- Mandalina, mikirakira sy mandravona ireo vokatra
- Manao ny tatitra isan-karazany ilaina amin'ny fanamarinana ny asa.

## 4. Fitaovana ilaina

Ny ekipa tsirairay dia tsara raha manana :

- Fitaovam-pitanterana, toy ny moto na fiantohana hafa
- Fitaovana teknika arakajy mirindra fangalàna ny saritany, toy ny GPS
- Fakantsary
- Ireo fisy samihafa araka ny isan'ny mpanadihady.

## 5. Dingana arahina raha ho mpanadihady

1. Tolotr'asa sy fandraisana mpiasa ho mpanadihady isaky ny kaominina
2. Fiofanana momba ny drafitrasa momba ny rano, fanadiovana, fidiovana sy andraikitry ny mpanadihady
3. Mametraka lamina momba ny fanadihadiana sy fanarahamaso ny zotra famolavolana ny drafitrasa momba ny rano, fanadiovana, fidiovana
4. Midina ifotony manao ny asa
5. Manamarina, mikirakira, mandravona
6. Manoratra, manolotra amin'ny kaominina ny asa vita ary mandray ny fankatoavana

## 6. Fomba fitsirihana sy fanarahana ny kalitaon'ny asa

**Lamina fanadiha-diana**

Mamolavola ny lamina fanadihadiana. Fanomanana sy fifehezana ireo fitaovana fanadihadiana

**Fanaraha-maso ny lamina**

Fivoriana fanomanana miaraka amin'ny teknisianina. Fivoriana miaraka amin'ny sefo fokontany Fidinana ifotony amin'ny fokontany

**Fanaraha-maso amin'ny alalan'ny fikirakirana**

Fanamarinana ny fizotry ny lamina. Fanamarinana ny fisy tsirairay. Fanamarinana ny vokatra azo. Fivoriana fankatoavana eny anivon'ny fokontany

## 7. Fifehezana ireo singa fanadihadiana

### i) Fanamarinana ny dingana fanangonana sy fandravonana ny antontan-kevitra sy antontan'isa









Foto-pisainana
Fomba amam-panao moderina
Antontan-kevitra Kolontsaina
Fomba amam-panao taloha
Soato-avina


Tany
Ala
Antontan-kevitra Tontolo iainana
Zava-maniry
Biby




## ii) Fankatoavana ifotony

- Fanehoana ny tatitra rehetra mikasika ny fandravonana ny antontan'isa.
- Fijerena ny toerana rehetra nolalovana.
- Manome fanamarinana ny fanadihadiana (procès-verbal de validation).


Miainga amin'ny Vina
Sedra
Saritany
Sehatr'asa fampan-drosoana
Hetsika laharam-pahamehana isaky ny sehatra
Fandalinana raha mifanaraka amin'ny vokatra
Mijery ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny
Mamolavola drafitr'asa
Mamintina ny vokatra anaty fafana
Fanadi-hadiana
Olana

## 8. Fampiharana

| | |
|---|---|
| Mizara asam-bondrona ny mpampiofana, mizara roa : misy ny mpitsirika asa, misy ny mpanadihady.<br>• Manao fampiharana fampiasana ny fisy fanadihadiana ka manao ny asany ny mpitsirika.<br>• Jereo ny fisy fanadihadiana ao amin'ny fitaovana ilaina.<br><br>Asaina midina eny amin'ny fokontany, toerana hanaovana ny fiofanana ny mpanadihady.<br>Zaraina vaomiera 4, homena fisy fanadihadiana.<br><br>Voamiera 1 : Fanadihadiana eny anivon'ny tokantrano<br>Vaomiera 2 : Fanadihadiana eny anivon'ny sekoly<br>Vaomiera 3 : Fanadihadiana eny anivon'ny foto-drafitrasa hafa ara-panjakana misy eo an-toerana<br>Vaomiera 4 : Fanadihadiana eny anivon'ny fiangonana.<br><br>Miverina ao amin'ny toerana fanaovana fiofanana mitatitra ny vokatra.<br>Atao ny fintina ary miaraka mamoaka lamina atao lasitra entina hanatanterahana ny fanadihadiana. | Faharetany :<br>120 min |

## 9. Modely fisy fanaovana fanadihadiana

**FISY FAMOLAVOLANA NY PCDEAH**

Daty : ...........................................................................................

Toerana : .......................................................................................

Fokontany: .....................................................................................

Kaominina : ....................................................................................

Distrika : .......................................................................................

Faritra : .........................................................................................

**ANTONTAN'ISA MIKASIKA NY MPONINA :**

Isan'nymponina:.......................................... Isan'nytokatrano:..............................

Fitsinjarana ny mponina:

| Taona | Lehilahy | Vehivavy |
|---|---|---|
| Latsaky ny 5 taona | | |
| 5 – 15 taona | | |
| 16 - 25 taona | | |
| 25 – 45 taona | | |
| 45 – 60 taona | | |
| Mihoatra ny 60 taona | | |

**ANTONTAN'ISA MIKASIKA NY FAHASALAMANA :**

| MAHAKASIKA | ANARAN'NY ARETINA | SALAN' ISA (%) | ANTONY |
|---|---|---|---|
| Aretina mpahazo ny zaza latsaky ny 5 taonaamin'ny ankapobeny | -<br>-<br>- | | |
| Aretina mpahazo ny olon-dehibe amin'ny ankapobeny | -<br>-<br>- | | |

IREO TOERANA MANDRAY NY MARARY EO AMIN'NY TANANA

| TOERAM-PITSABOANA | SALAN'ISA NY OLONA MIVEZIVEZY | ISAN'NY FANDRIANA | ISAN'NY MPITSABO |
|---|---|---|---|
| | | | |
| | | | |

**RAHA TSY MISY TOERAM-PITSABOANA EO AN-TANANA, AIZA NO MANDEHA MAMONJY IZANY TOERANA IZANY NY OLONA**

| TOERANA ALEHA | HALAVIRANA | FOMBA HANDEHANA MANKANY (1) |
|---|---|---|
| | | |
| | | |
| | | |

*(1): Mandeha tongotra, Automobile, sarety sy ny hafa*

## ANTONTAN'ISA MIKASIKA NY RFF :

Efa misy foto-drafitr'asa momba ny rano ve ny tanana ? Eny ☐ ☐ Tsia
Raha ENY? fenoina ny tabilao manaraka

| MOMBA NY FOTO-DRAFITR'ASA RANO | VALINY |
|---|---|
| INONA NY KARAZANA FOTO-DRAFITR'ASA MISY EO AN-TANANA (AEPG, AEPP, FPMH, PPMH) | |
| ISAN'NY PAOMPY (POINT D'EAU) REHETRA MANDEHA | |
| ISAN'NY PAOMPY REHETRA TSY MANDEHA | |
| RAHA AEPG NA AEPP, AIZA NO MISY NY LOHARANO | |
| RAHA AEPG NA AEPP, FIRY NY HADIRIN'NY "RESERVOIR" | |
| ISAN'NY OLONA MISITRAKA RANO — | |
| NIVEAU DE SERVICE : *(1) Non amélioré (2) Limité (3) Elémentaire (4) Géré en toute sécurité* | |
| MISY MPITANTANA VE NY FOTO-DRAFITR'ASA NY RANO ENY ☐ TSIA ☐ | ANARAN'NY MPITANTANA |
| FANAMARIHANA MIKASIKA NY FITANTANANA (sarany rano, fomba fandoavana, taha ny fandoavana) | |
| AMIN'NY ANKAPOBENY MANAO AHOANA NY FAHITANA ON'NY FOTO-DRAFITR'ASA RANO | |

| | ISA REHATRA | ISA MISY RANO (AEPG, FPMH, PPMH) | NIVEAU DE SERVICE *(1) Non amélioré (2) Limité (3) Elémentaire (4) Géré en toute sécurité* |
|---|---|---|---|
| NY TOERAM-PIANARANA | | | |
| NY TOERAM-PITSABOANA | | | |
| NY TOERANA FIASANA | | | |
| NY TSENA | | | |
| NY TOERANA NATOKANA IVAVAHANA | | | |

Efa misy foto-drafitr'asa momba ny kabone ve ny tanana? Tsia ☐ ☐

Eny Raha ENY, fenoy ny tabilao manaraka

| MOMBA NY FOTO-DRAFITR'ASA NY FANADIOVANA | ISANY | Isan'ny olona mampiasa kabone nohatsaraina | Isan'ny tokantrano mampiasa kabone nohatsaraina |
|---|---|---|---|
| Isan'ny tokantrano tsy manana kabone (1) | | | |
| Isan'ny tokantrano manana kabone mampihinan-tay (2) | | | |
| Isan'ny tokantrano manana kabone nohatsaraina fa ikambanana(3) | | | |
| Isan'ny tokantrano manana kabone manokana nohatsaraina (4) | | | |
| Isan'nytokantranomananakabone manokananohatsaraina (5) famisy DLM | | | |
| TOTALINY | | | |

| | ISA KABONE REHETRA | ISA MISY KABONE | | | | Isan'ny mpampiasa ny kabone nohatsaraina | | Isan'ny Efitra fivoahana | | FANAMARIHANA (mandoa vola, anaran'ny mpitantana) |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | Mampihinan-tay (2) | Nohatsa raina fa ikambanana (3) | kabone manokana nohatsaraina (4) | manokana nohatsaraina (5) fa misy DLM | Lahy | Vavy | Lahy | Vavy | |
| NY TOERAM-PIANARANA | | | | | | | | | | |
| NY TOERAM-PITSABOANA | | | | | | | | | | |
| NY TOERANA FIASANA | | | | | | | | | | |
| NY TSENA | | | | | | | | | | |
| NY TOERANA NATOKANA HIVAVAHANA | | | | | | | | | | |

## ANTONTAN'ISA MIKASIKA NY SOSIALY SY EKONOMIA

| FANADIHADIANA | Salan'isa % |
|---|---|
| INONA AVY NY SEHATRA FIHARIAN'NY OLONA AMIN'NY ANKAPOBENY<br>FAMBOLENA I_I FIOMPIANA I_I ASA TANANA I_I ASA BIRAO I_I VAROTRA I_I<br>HAFA KOA I_I | |
| INONA NO TENA FANDANIANA ATAON'NY ISAN-TOKATRANO AMIN'NY ANDAVANANDRO<br>SAKAFO I_I LAMBA I_I FIANARANA I_I<br>RANO SY FIDIOVANA ARY FANADIOVANA I_I KOJAKOJA MOMBA NY TRANO I_I<br>HAFA KOA I_I | |
| AMIN'NY AKAPOBENY NY VOLA MIDITRA ISAN-TOKATRANO :<br>FARAN'NY AMBANY<br>FARAN'NY AMBONY : | <br>………Ariolana<br>……… Ariolana |

**Fisian'ny toerana fanasana tanana amin'ny savony eo amin'ny andrim-panjakana** (CSB, sekoly, birao Kaominina)

| Anaran'ny andrim-panjakana | Endrika* | Filazana ara-tsaritany | Fandehanana (mandeha ve ?) | Ahitana savony | Fanamarihana |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |

** Endrika : Paompy, bidon, tavoangy, siny,*

**Fisian'ny fitaovana fanasana tanana amin'ny savony eo anivon'ny tokantrano**

| Anaran'ny tokantrano nohadihadiana | Manana DLM | Mampiasa ny LMS | Raha ENY, amin'ny fotoana inona izy no manasa tanana @ savony | Fanamarihana |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |

## Fidiovan'ny vehivavy rehefa tonga ny fadi-bolana eo anivon'ny andrim-panjakana (sekoly, CSB, birao)

| Anaran'ny toerana | Famantarana ara-jeografika | Endriky ny dosy* | Adi-hevitra mikasika ny fidiovana momba ny fadim-bolana | Fahafahana na Fisian'ny manana/mampiasa servieta fiarovna (serviette hygiènique) | Fanamarihana |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |

*misafidy*(1) Tsy misy dosy, (2) dosy tsy ara-pahasalamana, (3) dosy nohatsaraina, (4) dosy tsy ara-pahasalamana fa misy savony, (6) dosy nohatsaraina misy savony.*

### Fampiasana ny serviette hygiénique eny anivon'ny tokantrano

| Anaran'ny vehivavy nohadihadiana | Vehivavy mampiasa lamba fiarovana na servieta | | | Fomba fikojakojana ny servieta azo sasaina (Traitement de serviette hygiénique lavable*) | Fitantanana ny servieta avy nampiasaina | Fanamarihana |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Tsy mampiasa | Lamba azo sasana | Ara-pahasalamana fa hariana | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |

### Fanadiovana

**Fitantanana ny fako avy eny an-tokantrano**

| Anaran'ny tokantrano nohadihadiana | Manana fanariana fako ve ? (bac ou fosse) | Misy fanariana fako iraisana ve eo an- tanana ? | Manary fako any amin'ny fanariana fako iraisana ve ity tokantrano ity | Fomba fanodinana fako (compostage , dorana na avadika gaz, na tsy misy) |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |

**Famoahan-drano maloto sy rano orana**

| Anaran'ny tokantrano nohadihadina | Manana fanariana rano maloto par un puisard | Manary ny rano maloto eny rehetra eny | Manana olana mikasika ny fanariana rano maloto ve? (Eny/Tsia) – tanisao ny vokany? |
|---|---|---|---|
| | | | |
| | | | |
| | | | |

Ity fitaovana enti-mampiofana ity dia novokarin'ny tetikasa RANOWASH izay novatsian'ny vahoaka amerikanina vola amin'ny alalan'ny Sampandraharaha Amerikanina ho an'ny fampandrosoana iraisam-pirenena (USAID) araka ny fifanaraham-piaraha-miasa AID-687-A-17-0000. Tompon'andraikitra feno amin'ny votoatiny ny mpanatanteraka ny tetikasa RANOWASH ary tsy voatery hamaritra ny hevitry ny USAID na ny fanjakana Amerikanina io votoatiny io.

https://ranowash.org